


TORITENY - FIAKARAN'NY TOMPO - TAONA D



Ianareo no vavolombelon'izany. Ary Izaho kosa haniraka aminareo Ilay nampanantenain'ny Raiko

Ry kristianina havana, azo lazaina fa amin'izao Alakamisy fankalazana ny niakaran'i Jesoa any an-danitra dia tanteraka tokoa ny zava-drehetra. Ny tenin'Andriamanitra androany manazava amintsika ny dikan'izany fiakaran'i Jesoa izany.

Inona ny fiantraikan'izay eo amin'ny fiainantsika andavanandro, ny maha Eglizy ny Eglizy ? Marina fa ny andron'ny pantekôty no azo lazaina fa ny andro nahaterahan'ny Eglizy rehefa nidinan'ny Fanahy masina ireo Apostôly fa azo lazaina ihany koa fa amin'ny fanirahana napetrak'i Jesoa amin'ny andro fankalazana ny niakarany amboninahitra any an-danitra eo

ankavanan'Andriamanitra Ray no mampibaribary an'izay famonjena nentin'i Kristy izay ary dia tanteraka eo anivon'ny Eglizy ary ny Eglizy no nametrahan'i Jesoa hanohy ny asam-pamonjena izany hoe isika izao olo araiky amin'i Jesoa no hitondra an'izay famonjena sy hafalian'ny vaovao mahafaly izay. Tsy tian'i

Vakiteny I : *Asa 1, 1-11*

Salamo : *Sal. 46, 2-3. 6-7. 8-9*

Vakiteny II : *Efez. 1, 17-23*

Evanjely : *Lk. 24, 46-53*

Jesoa hibanjina ny lanitra isika satria ny lanitra dia io fiainantsika io raha miaraka aminy

isika, raha avelantsika hiasa ao amintsika ny Fanahy masina, izany no dikan'ny "ascension" androany, niakatra any an-danitra i Jesoa tsy tokony ho variana isika fa io finoana fototr'izay rehetra izay dia i Jesoa nandresy ny zava-drehetra, tsy hoe izy niverina any amin'ny Ray fa eo anivontsika izy amin'ny alalan'ny Fanahy masina. Izany ny finoantsika sy maha Kristianina atsika, avy amin'i Kristy nandresy ny ratsy, nandresy ny fahafatesana nitsangan-ko velona ka niakatra any an-danitra, mipetraka eo ankavanan'ny Ray, izany ny fiekem-pinoana ataontsika. Tsy hoe akandrina fotsiny fa fiaianana. Izany no ambaran'izao fety izao, isika rehetra koa miaraka aminy, tsy mirefarefa amin'ny tany intsony ny fiainanantsika.

Inona ny atao mba tsy hirefarefa amin'ny tany ny fiainantsika ?

Ny zavatra nampianarin'i Jesoa rehetra no mampiakatra atsika any an-danitra izany hoe amin'ny fiainana tsara sy lavorary :

- **nampianarany hifankatia isika** ka raha manatanteraka an'izany dia any an-danitra ny fiainantsika.

- **nampianatra atsika ny marina izy**, raha miezaka isika miaina ny marina nampianarin'i Jesoa dia tsy ho hisy intsony ny fitapitapitaka, ny risoriso dia miakatra any an-danitra ny fiainantsika.

Matoa ny fiainanantsika eo anivon'ny fiaraha-monina mirefarefa amin'ny tany dia satria ny lainga sy fitapitaka no manjaka eo amintsika ka aza gaga isika raha farany ambany ny fiainantsika indrindra eto amin'ity tanindrazantsika ity satria tsy entintsika miakatra, tsy ampiarintsika izay nampianarin'i Jesoa nefa izay no mampiakatra atsika any an-danitra.

Izay misy an'i Jesoa hoy Md Paoly no aoka ho hisy antsika ary dia izay ny fiainana

andrasana amintsika. Tsy hibanjina ny lanitra isika fa io finoana io ampiharintsika amin'ny fiainana izay mahatonga atsika milaza hoe mahay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ary izay ny asan'ny Eglizy. Tsy izy irery no miasa satria fantatr'i Jesoa fa tsy mandeha hoazy ny fiainantsika fa sarotra no sady mavesatra, raha isika samirery dia tsy ho tanteraka izany ka io no mahatonga azy mampanantena atsika ny Fanahy masina ka anjarantsika ary ny manokatra ny fontsika, ny saintsika, ny sofintsika, ny vavantsika, ny tanantsika, ny tongontsika, ny vatantsika ary ny fiainantsika manontolo ho sokafantsika handraisantsika ny Fanahy masina, izay ny dikany hoe "Aza mibanjina ny lanitra eo".

Ary dia izay tokoa ny mahadiso hevitra ny maro, ohatra ireo manam-pahaizana milaza hoe tsy misy izao lanitra izao, hoy "Youri Gagarine" izy zay nandeha teny amin'ny habakabaka nefa hafa ny lanitra hafa ny habakabaka, izay no tokony fantantsika ry Kristianina havana. "Tsy nahita an'izao lanitra izao aho" hoy izy, efa maty moa izy izao ka enga anie hahita ny lanitra izy, hifanena amin'Andriamanitra, hahazo ny famindrampon'Andriamanitra ka hahita hasambarana an'izany lanitra izany ankehitriny. Tamizay koa niakatra teny amin'ny habakabaka sy nandeha teny amin'ny volana ireo amerikana fa nentanim-pinoana ireo

amerikana ka nilaza hoe : "Aty vao tena hita izany halehiben'ny voninahitr'Andriamanitra raha nahita ireo kintana marobe, nahita ny tany avy eny amin'ny volana" izy ireo. Izany tokoa ry Kristianina havana raha tsy ny masom-pinoana no entintsika mijery an'izao rehetra izao sy ny fiainantsika dia hirefarefa sy havesatra izay fiainantsika izay ary dia ho potika, ho faty isika ary ho lò ny fiainantsika fa raha masom-pinoana no entintsika dia hiova ny fiainantsika satria mason'Andriamanitra no entintsika fa indrindra amin'izao taona masina famindram-po izao. Izay no ambaran'ny vakiteny faharoa (*Efez. 1, 17-23*) ampianarin'i Md Paoly atsika hoe : "napetrakin'ny Ray eo ankavanan'Andriamanitra i Jesoa any an-danitra" tsy hoe ankavanana ho entiny hanapotika an'izao rehetra izao fa ny voninahiny dia izy mikarakara sy mikolokolo atsika, ny fahefany dia izy manavotra atsika sy manala atsika amin'izay mamatopatotra atsika na dia izy aza tompon'izao rehetra izao ary napetrak'Andriamanitra amin'ny tongony ny zava-drehetra ka mikolokolo atsika i Jesoa. Izay no ampanantenainy atsika tokoa araka ny ny voalaza amin'ny Evanjely : "Nomenao ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany koa mandehana ianareo, mampianara manaova batemy amin'ny anaran'ny Ray sy ny zanaka sy ny Fanahy masina, ampianaro izy hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo"

Izany tokoa raha mitandrina ny nampianariny isika dia hiakatra any an-danitra ary izay ny hasambarana ho antsika satria eo anivontsika mandrakariva i Jesoa. Na dia mafy aza ny fiainantsika na dia misy aza ny hanahirana atsika dia Andriamanitra eo anivontsika mandrakariva. I Jesoa miaraka amintsika ary mitsodrano atsika hahatonga atsika tokoa ho zanak'Andriamanitra, izay no henontsika ao amin'ny Evanjely mitsodrano atsika izy fa indrindra amin'izao taona masina izao ka na dia miakatra aza izy dia isika koa miakatra miaraka aminy, ao aminy ary amin'ny alalany no hanatanterahantsika ny zava-drehetra, izany ny dikany hoe fampitraofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Ry Jesoa Tompo ô, amin'izao fankalazana ny fiakaranao any an-danitra izao dia mitodika aminao izahay, maro ny zavatra mifamahofaho eo amin'ny fiainanay, maro ny mahasintona ny masonay ka ampio izahay hifikitra aminao tsy hibanjina fotsiny ny lanitra fa izay misy anao no hisy anay. Ampianaro izahay hampiakatra an'ity fiainanay ity hanatanteraka izay nampianarinao anay ka ho eto anivonay tokoa anie ny fanjakanao ary izay no tena hahazoana y ny fiadanana marina , ny fiombonana marina aminao sy aminay samy izahay, ho olo araiky ao aminao tokoa izahay ka ny fanahy masina izay andrandrainay amin'izao pantekôty izao anie hanenika ny fiainanay manontolo. Amen